REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA ALAROBIA 02 JONA 2021

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY NIRINA RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA

**TATITRY NY FANDRAISANA ANJARA TAMIN'NY FIVORIAN'NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDIANY FAHA 35 TEO ANIVON'NY « COI » TAMIN'NY 20 MAY 2021.**

Notontosaina tamin'ny 20 May 2021 ny Filankevitry ny Minisitra teo anivon'ny COI izay nahafahana nanara-maso ny fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisin'ny tompon'andraikitra teo aloha, nahitana ny fandraisan'anjaran'ireo firenena 5 mpikambana ao amin'ny Vaomiera : ny Sekretera jeneraly, ireo mpanara-maso ary ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola

Ireto avy ireo fanapahan-kevitra lehibe notapahina tamin'izany :

1-Ny mikasika ny fiarovana an-dranomasina : manasongadina ny fiantraikany tsara amin'ny hetsika fanoherana ny tsy fandriampahalemana an-dranomasina. Amin'ny maha firenena tompon'andraikitry ny « Regional Maritime Information Fusion Center » azy, dia asaina hanendry ny Tale jeneralin'ny ivon-toerana i Madagasikara.

2- Ny fandraisana ny drafitra « Economie bleue »ho an'ireo faritra COI ka miompana amin'ny paikady mikasika ny « Enonomie circulaire », ny fahaiza-mitantana ary ny fiarovana ny tontolo iainana maharitra sy ny ara-tsosialy.

3-Mikasika ny laharam-pahamehan'ny fitantanana frantsay mandritran'ny herintaona eo anivon'ny COI:
Fanamafisana orina ny rafitry ny COI, fiaraha-miasa amin'ny lafiny maro, indrindra fandriampahalemana ary fanaovana ny Frankôfônia ho fototry ny fiaraha-miasa amin'ny COI.

**TETIKASA FANOHANANA NY SEHATRY NY INDOSTRIA SY NY SEHATRA ARA-BOLA MIARAKA AMIN'NY BAD (Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier)**

Nankatoavina ny firosoana amin'ny tetikasa fanohanana ny sehatry ny indostria sy ny sehatra ara-bola izay :

- Manome sehatra ny fampiasam-bola ho an'ny toekarena mirindra sy maharitra tanterahin'ny sehatra tsy miankina;
- Manamora ny famoronana tahirim-bola maharitra ho an'ny fiaraha-miombon'antoka miankina sy tsy miankina (PPP);
- Manamora ny fananganana ny « Fonds National de développement Industriel » (FNDI) hanomezana fanampiana ara-bola ny PME

**TETIKASA NOHATSARAINA AO AMIN'NY MINISTERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY ASA VAVENTY.**

Nankatoavina ireo tetik'asa tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa vaovao voafaritra ao anatin'ny tetibola 2021, izay tanterahan'ny Ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy amin'ity taona ity.

**FANOMEZAN-DALANA HANANGANANA NY "HOPITALY MANARA-PENITRA" VAOVAO AO IHOSY**

Ny fananganana « hopitaly manara-penitra » dia voalahatra ao anatin'ny tetikasa vaovao momban'ny fivoaran'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka. Tafiditra ao anatin'izany fanorenana izany ny trano sy ireo fitaovana teknika

**FAMPIHARANA NY TETIKASA « TITRE VERT » AO AGNARAFALY - DISTRIKAN'AMBOASARY**

Mba hanatsarana ny fari-piainan'ny ankohonana 1600 tokantrano tratry ny KERE dia nanapa-kevitra ny Filohan'ny Repoblika fa hanokana velaran-tany 200ha any Agnarafaly ao amin'ny Distrikan'Amboasary hanaovana asa fambolena. Io tetik'asa io dia tohanan'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono amin'ny alàlan'ny laminasa mitarika fidiram-bola ho an'ireo tokantrano voakasik'izany.

Ireto ny dingana arahina amin'izany :

- Ny andiany voalohany dia ny fanajariana ny tany ahafahana mametraka tokantrano miisa 80 eo amin'ny velaran-tany mirefy 12 ha
- Ny andiany faharoa dia fanitarana ny asa ahafahana manampy tokantrano mihoatran'ny 1600 eo amin'ny velaran-tany mirefy 200 ha

**FAHAZOAN-DALANA AVY AMIN'NY MINISITRY NY FAMBOLENA, FIOMPIANA ARY NY JONO MIKASIKA NY FANAFARANA SY NY FITSINJARANA AMBONGADINY NY FANAFODY SY NY VOKATRA BIOLOJIKA FAMPIASA AMIN'NY BIBY FIOMPY**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Ministra ny fanomezan-dalana ho an'ny fanafarana sy ny fitsinjarana ambongadiny ny vokatra ara-pitsaboana sy ny vokatra biolojika fampiasa amin'ny biby fiompy izay fehezin'ny Toko faha-IV amin'ny didim-panjakana laharana 92284 tamin'ny 26 febroary 1992, izay taterahan'ny orinasa VOKATRA TSARA izay efa nahazo fankatoavana tamin'ny tompon'andraikitra misahana ny biby fiompy.

**FAMANDRIHANA IREO FARITRA HANAOVANA FANDINIHANA ARA-JEOLOJIKA AO AMIN'NY KAOMINA AMBANIVOHITRA KELILOHA SY ANDRIAMENA, DISTRIKAN'I TSARATANANA, FARITRA BETSIBOKA**

Hanao fandinihana ara-jeolojika amin'ireo faritra izay heverina fa manana harena ankibon'ny tany any Keliloha sy Andriamena, ao amin'ny Distrikan'i Tsaratanana, Faritra Betsiboka mandritry ny enim- bolana ny fanjakana, noho izany natao ny fangatahana famandrihan-toerana hanaovana izany fanadihadiana izany any amin'ireo toerana voafaritra ireo.

Noho izany dia tsisy ary tsy afaka atao ny fanomezana alalana hitrandrahana harena an-kibon'ny tany ireo faritra ireo mandritry ny enim-bolana

**TETIKASA VAOVAO AO ANATIN'NY PNE 2021 AVY AMIN'NY MINISTERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA.**

- Nankatoavina ny fananganana Trano fihaonan'ny mpanao gazety na ny « maison de la presse » izay toeram-pivoriana sy ivon-toerana fihofanana ho azy ireo

- Nankatoavina ny fananganana ivon-toerana « Tosik'art » ao Maevatanana, Antsirabe, Tsiroanomandidy, Mananjary, Miarinarivo, Ihosy, Sambava mba hamporisihana sy hampiroboroboana ny fandraharahana ara-kolontsaina

- Nankatoavina ny fanarenana ny trano Mahitsielafanjaka, ny lapa Manampisoa ary ny lapa Tranovola ao amin'ny Rovan'i Madagasikara

**NANKATOAVINA NY DRAFITRA IADIANA AMIN'NY FANONDRANANA AN-TSOKOSOKO EO ANIVON'NY SERANAM-PIARAMANIDINA IRAISAM-PIRENENA ETO MADAGASIKARA.**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny drafitr'asa sy drafim-pandaminana iadiana amin'ny fanondranana an-tsokosoko eo anivon'ireo seranam-piaramanidina rehetra iraisam-pirenena eto Madagasikara .

## II - FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA

**Araka ny tolo-kevitry ny Sekreteram-panjakana misahana ny zandarimariam-pirenena :**

Nolaniana nandritran'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana momba ny sata mifehy ny « Direction générale de la sécurité routière » (DGSR).

## III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

**Araky ny tolo-kevitry ny Filohan'ny Repoblika** :

- **Ramatoa Soatiana RAJOELISOA** dia voatendry ho Talen'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena** :

- **Ramatoa RANOSY Eliane** dia voatendry ho talen' ny Birao Nasionaly misoroka ny loza any an-tsekoly (Office National de la Prévention des Accidents Scolaires) eo anivon'ny Minisiteran' ny Fanabeazam-pirenena

**Araka ny tolo-kevitry ny Ministry ny Indostria, Varotra ary ny Asa-Tanana**

- **Atoa RANDRIAMIARAMAHEFA Andriniaina** dia voatendry ho talem-paritra ao Vakinankaratra

## IV- FANAFOANANA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

**Araka ny tolo-kevitry ny Filohan'ny Repoblika** :

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2019-142 tamin'ny 20 febroary 2019 izay nanendry ny Talen'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika.

***Natao androany faha 02 Jona 2021***

***Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***